Ny soalat ato amin'ity moske-ko ity dia tsara noho ny soalat arivo atao any amin'ny moske hafa, afa-tsy ny Moske Masina Al-Haram

Tatitra avy tamin'i Abo Horaira (R.A), Niteny ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe : "Ny soalat ato amin'ity moske-ko ity dia tsara noho ny soalat arivo atao any amin'ny moske hafa, afa-tsy ny Moske Masina Al-Haram."

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Nohazavain'ny Mpaminany (S.A.W) ny hasarobidin'ny soalat ao amin'ny moske-ny, ary tsara kokoa ny valisoa aminy noho ny swalat arivo any amin'ny moske hafa rehetra eto ambonin'ny tany, afa-tsy ny Moske Masina ao Lameka, izay tsara kokoa noho ny soalat ao amin'ny moske-ny (S.A.W).

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/65090